Olomangan’i Madagasikara (tohiny)

**Aas Reinert Larsen**, Misionera nôrveziana teraka tamin’ny 11 martsa 1849 tany Sand Ryfylke ary voatendry ho pastora tamin’ny taona 1879. Nalefa taty Madagasikara izy tamin’ny taona 1880 ka anisan’ireo voalohany tany an-tsakalava Menabe. Izy no nanangana ny stasiona loterana Betela sy Betania. Nody tany Nôrvezy izy tamin’ny taona 1907 ary nodimandry tamin’ny 26 janvie 1931.

**Catat Louis Dominique**, Dokotera teraka tamin’ny taona 1859 tany Haute-Marne Frantsa. Nalefan’ny ministeran’ny Fanabeazana hanao fizahan-tany ara-tsiantifika taty Madagasikara izy tamin’ny taona 1889 ka hatramin’ny 1891ka nanoratra ny boky mitondra ny lohateny hoe *Voyage à Madagascar* tamin’ny taona 1895 ary voatendry ho mpikambana tao amin’ny *Académie des Sciences Coloniales* tamin’ny taona 1923. Maty tamin’ny 23 jolay 1933 tany Cirfontaine Frantsa.

**Jully Anthony**, Filoha voalohan’ny Akademia Malagasy teraka tamin’ny taona 1862 tany Frantsa. Izy no nanorina ny lapan’Ambohitsorohitra ho an’ny solotenan’i Frantsa Le Myre de Villers sy ny *Maison de France* sy trano lehibe hafa toy ny an’ny Institut Pasteur sy ny Ecole Normale. Tamin’ny nanorenana ny Akademia Malagasy tamin’ny taona 1902 dia izy no voafidy voalohany hitarika an’izany. Maty teto Madagasikara tamin’ny 06 janvie 1907 izy.

**Marcel Jean**, Eveka anglikana teraka tamin’ny 01 desambra 1904 tany Maintirano ka voahosotra tamin’izany toerana izany tamin’ny taona 1951 tao Antananananarivo. Izy no nanaparitaka ny fahefana tao amin’ny Fiangonana anglikana ary anisan’ny mpamorona ny asa fampandrosoana anglikana taty amin’ny Ranomasina Indiana. Maty tamin’ny 12 desambra 1980 tao Antananarivo izy.

**Monja Jaona**, Tia tanindrazana teraka tamin’ny taona 1910 tany Toliara. Anisan’ny nahavita dia tongotra ny làlana hatreo Ambovombe ka hatrany Nosy Be izy raha vao 16 taona monja mba hiasa tao amin’ny *Société Sucrière de Nosy Be*. Nifanerasera tamin-dRalaimongo izy ka nanamafy ny fitiavany tanindrazana. Anisan’ny mpamorona ny fikambanana miafina *Jiny* izay nanana fotokevitra hanohitra ny mpanjana-tany tamin’ny fomba rehetra izy. Voasambotra izy tamin’ireny raharahan’ny 29 martsa 1947 ireny ka notanana tany Faradofay. Nanangana ny antoko MONIMA izy tamin’ny taona 1958 nitaky ny fahaleovan-tenan’i Madagasikara. Lany ho Ben’ny tananan’i Toliara izy tamin’io taona 1958.

Izy no nitarika ny fanoherana ny Fitondrana P.S.D tany atsimo tamin'ny taona 1971 ka nogadraina vokatr'izany tany Toliara. Efa mpikambana tao amin'ny Filan-kevitra Faratampon'ny Tolom-piavotana izy kanefa vokatry ny fanoherany ny Fitondran'ny Amiraly Ratsiraka dia mbola notanana tamin'ny toerana manokana tany Kelivondraka Ihosy izy tamin'ny taona 1981 sy 1982 nahalany azy ho solombavambahoakan'i Madagasikara tao Antananarivo. Mbola nanohitra ny Fitondrana Tetezamita tamin'ny taona 1991-1993 ka naratra vokatr'izany. Maty tany Toliara tamin'ny 03 septambra 1994 izy.

**Razafintseheno Jean Justin** ( J.J. Tseheno), Mpamoron-kira teraka tamin'ny taona 1921 tao Ambatovinaky Antananarivo. Izy no namorona ny tarika *Kintana Telonohorefy*. Maro ireo hira malaza noforoniny toy ny *Ventso miampita*, *Miondreha ka mangina*, *Inona moa no ifandrafindrafiana?*, Ny *Embona fahavaratra*. Maty tamin'ny 28 aprily 1968 izy.

**Razanabahiny Marojama Jérôme**, Dokotera sady mpanao pôlitika teraka tamin'ny 09 ôktôbra 1930 tany Faradofay izy. Lany ho Ben'ny tananan'i Vangaindrano tamin'ny taona 1965 no koa voafidy ho senatera tamin'ny taona 1966 ka hatramin'ny taona 1972. Mambra ny C.N.P.D izy tamin'ny taona 1973-1976 ary solombavam-bahoaka tamin'ny taona 1976 talohan'ny nahavoatendry azy tao amin'ny Filankevitra Fara-tampony amin'ny Tolom-piavotana tamin'ny 1977 hatramin'ny taona 1989. Anisan'ny Filoha lefitry ny Fahefana Avo amin'ny Fanjakana na H.A.E izy tamin'ny taona 1991-1993 ary lany ho solombavam-bahoakan'i Madagasikara tamin'ny taona 1993-1998. Nodimandry tamin'ny 19 mey 2003 izy.

Profesora Henri Rasamoelina

(Hitohy)